

# Ny avoinina (*Avena sativa*) amin'ny maintany

## 1. Toetra mampiavaka

Vilona giraminea avy amin'ny tany mangatsiaka maniry taona iray. Vetivety ny famokarany. Tsy mahatanty ny rano mihandrona. Ny karazany volena dia manana voa mainty (Maintikely) na fotsy (N°07, N°08, Beravina, Fanantenana…).





## 2. Tombotsoa

- azo atao vilo-maitso na tehirizina ho vilo-maina
- be vokatra sy be otrik'aina
- haingana ny fitombony (4-5,5 volana)
- mahatanty tany asidra
- mahatanty fanala
-azo ampiarahana tsara amin'ny voly hafa

| DIARY | Nov. | Des. | Jan. | Feb. | Mar. | Apr. | May | Jon. | Jol. | Aog. | Sep. | Okt. |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | Mamboly vary | | | | Mijinja vary<br>Mamboly vilona | | | Mampiasa vilona | | | | |

## 3. Fitsipika fototra

| Toerana fambolena | Fikarakarana ny tany | Fambolena | Fatran'ny voa afafy | | Zezika |
|---|---|---|---|---|---|
| | | | Voly mitokana | Voly miaraka | |
| Haavo mihoatra ny 800m | Ritina ny tanimbary raha vantany vao miala ny vary | Fafy saritaka na tora-tady mielanelana 0,2m | | | zezi-pahitra : 150-200kg/ara (afafy alohan'ny fanapotehana ny bainga ; |
| Tanimbary mora ritina, tsy be tanimanga loatra | Manao tatatra manodidina ivarianan'ny rano isaky ny 3-5m, mirefy 15-20sm ny sakany | Tsy mihoatra ny 3sm ny halalin'ny voa afafy | 0,8kg/ara (Maintikely) 1-1,3kg/ara (N°07, Fanantenana, Beravina,,,) | 0,4-0,5kg/ara (avoanina) + 0,25-0,3kg/ara vesy na 0,5-0,6kg/ara pitipoa | zezika NPK (11-22 16) : 3kg/ara (alohan'ny famafazana), |
| | Asaina maina ny tany, 20sm ny halaliny | | | | Orea (0,5-1kg/ara eo am-pisandrahana sy aorian'ny fanapahana |
| | Potehina madinika amin'ny angady na hersa ny bainga | | | | |

## 4. Fikojakojana

- Atao ampy lalandava ny hamandoana ao anatin'ny faritry ny tany misy ny fakan'ny avoanina
- Fadiana ny fihandronan'ny rano
- Mamoaka tsiranoka mamono ahidratsy maro ny avoanina, atao ny fihevoana raha betsaka ny ahi-dratsy : alohan'ny fisandrahana sy famafazana ny orea ho an'ny fafy tora-tady
- Mitondra orea isaky ny avy manapaka itazonana ny vokatra

## 5. Bibikely sy Aretina (tsy dia ilaina ity raha mamokatra vilona)

| Aretina/Fahavalo | Famantarana | Fisorohana na fiadiana |
|---|---|---|
| Harafesina | Mipentina tasy miloko harafesina sy miofo mainty ny ravina, taho ary voa : tsy misy fihatraikany loatra amin'ny famokarana vilona fa misakana kosa ny fahamatoan'ny voa (maty fotsy) | Mamboly ny karazany mahatanty Mampiasa fanafody toy ny Tilt, Peltar Flo, vantany vao mitranga ny aretina (bevohoka sy miteraka) |
| Bibikely | Manenika ny ravina sy ny taho ny bibikely | Mampiasa fanafody mamono bibikely manidina : Karate 5ml/rano 400l/ha,,, |
| Fano sy olitra | Tapaka an'ny amin'ny fotony ny taho, malazo ny voly | Mitondra fanafody mamono bibikely anaty tany toy ny Pychlorex (200g/ara), Furadan (100g/ara) eo am-pamafazana na eo am-pototry ny voly |

## 6. Karazany

| Karazany | Isan'ny sakelika | Famoniana (andro) | Halavan'ny fahavelomana (andro) | Haavo (matoy) sm | Lokon'ny voa | Fanoherana harafesina |
|---|---|---|---|---|---|---|
| Maintikely | 14 | 62 | 145 | 130 | mainty | tsy mahatohitra |
| Beravina | 20 | 64 | 143 | 130 | fotsy | mahatohitra ihany |
| Fanantenana | 11 | 110 | 162 | 130 | fotsy | mahatohitra |
| CA 155 | 9 | 100 | 162 | 115 | fotsy | mahatohitra |

## 7. Fanapahana

- Atao alohan'ny misondro-dreny ny fanapahana voalohany (2-2,5 volana aorian'ny famafazana)
- Elanelan'ny fanapahana : 4-6 herinandro
- Isan'ny fanapahana : 2-3

## 8. Vokatra sy otrik'aina

| Vokatra isan-taona | | Otrik'aina | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| LM t/ha | UFL $10^3$/ha | UFL /kg LM | MAT % LM | PDIE g/kg LM | PDIN g/kg LM |
| 4,5-10 | 3,5-8,7 | 0,82 | 16,7 | 83 | 113 |

LM = lanja maina ; UFL= ventin'ny hery isaky ny kg/LM ; MAT = fatran'ny azota rehetra (%LM) ; PDIN, PDIE = fatra ny proteina levona ao anaty tsinay (g/kg LM) voakajy araka ny azota sy ny hery ao anaty vilona ary hampifandanjana araka ny fatra-tsakafo.

mare p FIFAMANOR